TELO NOHOREFY
FIRAISANKINA FANDRIAMPAHALEMANA FAMPANDROSOANA
TAONA.FAHA-47
SI. 060212
CCP : 31 746-A
ZOMA 22 AOGOSITR 2003
LAHARANA FAHA-1
Vidiny : ARIARY ZA
GAZETIM-BAOVAO SY FANEHOAN-KEVITRA MISEHO IN-DROA ISAN-KERINANDRO
Talen' ny Famoahana
KOTONDRASOAVA Georges
Foiben' ny Gazety :
73, Lalana Ny Avana RAMANANTOANINA
Manarintsoa- Antananarivo – Tél. : 22 336 35
Tonian' ny Fanoratana
ANDRIAMAROTAFIKATOHANAMBAI
Rakaisoavamanjaka

AOKA SAMY HARISIKA HANAJA NY ZON' OLOMBELONA

Raha tsy misy ny sampona dia amin' ny Alatsinainy ho avy izao no hanatanterahana ilay Fivoriambe Iraisampirenena momba ny Zon' olombelona eto Madagasikara.

Lafin-javatra iray isan ny nosoritana ho soatoavina amin' izao taon-jato iainantsika izao ny fanajana sy fitandroana toy ny anakandriamaso izany Zon' olombelona izany. Iantsorohan' adidy amin' ny fiarovana azy io ny FANJAKANA, ary ny lalàna velona moa dia efa miantoka izany rahateo.

Matetika anefa dia ny Fanjakana no tena fatra-panitsakitsaka ny zon' olombelona

Izay no misarika anay hisintona ny fisainan' ny maro mba samy hanaja sy hiaro ny Zon' olombelona.

Rehefa ny zon' olombelona no resahina dia ny alehan' ny sain' ny any ivelany any voalohany indrindra dia ny fitarafana sy fitiliana ny fomba fitazonana olona am-ponja.

Tsy azo odioan-tsy hita anefa fa amin' ny tany andalam-pandrosopana toa an' i Madagasikara dia mbola mahasaro-piaro ny betsaka kokoa aloha ny fanaraha-maso ny fiarovana ny zon' olombelona eo anivon ny fahafahany sy ny fahalalahany, ary laharam-pahamehana ho azy aloha io raha ampitahaina amin' izay zava-mitranga any am-ponja.

Ahoana tokoa moa no ndeha hiheverana fa voahaja an-tsakany ary voaaro an-davany ny zon' olombelona any amponja raha toa ka ny zon' olombelona afaka aza tsy misy mpiantoka ?

Matetika no mifanohitra amin' ny lalana velona, mifanipaka amin' ny fanambarana iraisampirenena momba ny zon' olombelona ny zava-mihatra amin' ny olom-pirenena, ka eo no tsy maintsy ifankaherezana sy ifampifehezana mba tsy hisy hihevi-tena ho tsy maty manota ka sanatria halaim-panahy hanao zinona ny zon' ny hafa.

Raha mamaky ny lahatsoratra rehetra amin' ity laharan-gazety ity fotsiny isika dia saika mifamatotra betsaka amin' ny tokony hanajana ny zon' olombelona ny vontoatin' ny ankamaroan' izy ireo.

Tamin' ny Alarobia teo, ohatra, dia navoakan' ny gazety namana iray mpiseho isanandro ny fandrirariran' ny tompon' andraikitra ny antontan-taratasy tokony hanome alalana an' Ingahy Tantely Andrianarivo hahazo fitsaboan-tena ivelan' ny fonja itanana azy ankehitriny noho ny tsy fahasalamany. Efa tapa-bolana izao no nanaovana ny fangatahana, hoy ny fitateran io gazety io, nefa hatramin' izao dia voarirarira izany.

Mampiahelo tokoa izany satria tranga irav isehoan' ny tsy fanajana ny zon' olombelona. Tsarovy fa na olona voaheloka ho faty izao aza ka hotifirina amin' ny 5 ora hariva nefa mitaraina ho marary an-doha izy amin' ny iray ora alohan' io. dia tsy maintsy manao izay ala nenina itsaboana azy aloha ny mpitsabo ary tompon' andraikitra amin' izany ny Fanjakana. Midika ho tsy fanajana ny zon' olombelona ny filazana hoe avelao ho faty eo izy io fa efa hotifirina hovonoina ihany amin' ny 5 ora.

Koa amin' izao fivoriambe iraisampirenena hatao eto Antananarivo amin' y Alatsinainy izao dia tokony samy ho tonga saina ny malagasy rehetra amin' ny fanapahan-keviny avy ka samy harisika hiaro sy hanaja ny Zon' olombelona. Tsy voatery hamboraka ny zava-misy eto Madagasikara eo anoloan' io Fivoriambe io anefa vao afaka mifampifehy, fa na hisy na tsia io Fivoriana io dia soatoavina tsy afa-misaraka amin' ny tarigetran' ny Demokrasia sy ny fametrahana Tany Tan-dalàna ny fanajana ny Zon' olombelona.

ANDRIAMAROTAFIKA Soava
(Tél. : 032 07 599 56)